

30 Aprily 2010.

Le 16 Iyar 5770.

## Ilay fotoana hanapahan-kevitra

**«Ary hoy Izy: Aba, Raiko ô, ny zavatra rehetra hainao; esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao »** (Marka 14 :36)

Ny kapoaka izay nolazain'i Jéso sy eto dia tsy inona fa ny fampijalijaliana feno herisetra izay hadiva hanjo azy ary fantany tsara izany. Tsy dia hoe ny fanaintainan'ny vatana loatra fa ny fanaintainana ara-panahy sy fietsehampo noho ny fahafatesan'ny mpanota izay hozakainy mitarika any amin'ny hitsoka lalina izay nandatsahan'ny fahotàna araka izay nolazain'i Isaia mpaminany hoe kapoakan'ny fahatezeran'ny Tompo (Isaia 51 / 22). Ny kapoka izay tokony hahazo mandrakizay ny mpanota sy ny mpanao vetaveta no indro hianjady avy amin'ny tanan'Andriamanitra ho eo amin'i Jéso sy. Nolazain'i Satàna fa raha manaiky hizaka ny helok'izao tontolo izao Izy dia midika fisarahana mandrakizay amin'Andriamanitra izany; ary hijanona eo amin'ny tontolon'i Satàna mandrakariva Izy.

Inona no nitranga raha nitsoaka an'ady Jéso sy ary niverina niakatra tany andanitra tsy nanefa ny saran'ny fanavotana ny olona? Inona no nitranga raha efa fantany fa tsy noraharain'ny olona ilay fanomezana avy tany andanitra ka dia naleony nandao azy ireo amin'ny fahotàny ary niverina tany amin'ilay toerana izay nanomezam-boninahitry ny anjely Azy Izy? Toerana izay ahafahany migoka indray ny fitiavan'ny Rainy sy ny firaisana Aminy?

Hatrany Edena dia nampanantena hanao fanavotana ny olona Andriamanitra. Nanao fanamby ny amin'ny toetrany Izy. Raha niverin-dalana Jéso sy teo anoloan'ny fitsapàna, raha toa kah nandà ny haka ny toeran'ny olona Izy noho ny olona napetraky ny fahotàna dia ny fototra lalin'ny rafitra nataony mihitsy no mampametra-panontaniana! Nandresy ho azy Satàna satria hisalasala ny hery lehibe fitiavan'Andriamanitra ireo anjely nivadika sy ireo mponin'ny lanitra hafa. Ny finoan'ireo patriarka izay nanantena fa hanavotra azy ka hanangana azy amin'ny maty Jéso sy dia ho very maina; tsy izany anefa ny fikasàn'Andriamanitra. Izao tontolo izao sy ny erana rehetra ary ny seza fiandrianan'Andriamanitra mihitsy no voahozongozona.

Tamin'izany rehetra izany dia Izy irery no nandray fanapahan-kevitra kanefa anie ka olona tsotra fotsiny ihany Izy teto an-tany (Filpianina2 : 8). Marina fa Andriamanitra Izy kanefa nandray io fanapahan-kevitra io tamin'ny maha-olona Azy. Etsy andaniny, mamparikoriko Azy ny fahotàna, etsy ankilany ny fitiavan'Andriamanitra izay eo ambony mizàna. Hitan-tsika eto amin'ity fotoana ity ny faratampon'ilay ady lehibe mangotrakotraka ifanaovan'ny fahotàna sy ny fitiavan'Andriamanitra. Tsy mahagaga raha nivoadrà ny hatsembohany!

Nony farany, noraisiny ny fanapahan-kevitra. **« Aba Ray ô, hatao anie ny sitra-ponao »** Niaraka tamin'izay dia nifanesy ny loza. Ny fahatezerana lehiben'i Satàna dia nianjady taminy tamimpahafenoany indrindra kanefa ny hanatontosa ny fikendren'Andriamanitra hanavotana izao tontolo izao mpanota no tanjona nobanjiny. Nahazo fandresena Jéso sy, io no tamby azo antoka amin'ny anarany ho famonjena antsika.

